Ny sehatra iarahan'ny SIMSI miasa amin'ny kaominina taona 2020

Fanohizana ny asa fametrahana sy fampihodinana ny RIF na SLC mba ho rafitra hifampierana mahefa:
- Fandraisana eo amin'ny RIF ny hevitra sy soso-kevitry ny olom-pirenena nivoaka tamin'ny tomban'ny servisy (2019) nataony (fahasalamana, fanabeazana, fananan-tany, hafa).
- Fanofanana ny mpikambana RIF ho amin'ny fandinihina ny fomba fiasa vitsivitsy toa ny fomba famakafakana ny teti-bola, famaritana ny asa laharam-pahamehana, fandinihana ny loharanom-bola ny kaominina, famolavolàna soso-kevitra fanatsaràna ny tolotra na servisy kaominaly, sns.
- Fankatoavana ho ara-dalàna (distrika) ny Didim-pitondràna (arrêté) mametraka RIF sy fanendrena ny mpandray anjara ao amin'ny RIF.
- Fandraisan'ny kaominina an-tànana ny fampihodinana ny RIF.

Fanampiana ny kaominina hametraka lamin'asa sy teti-bola mamaly ny laharam-pahamehana nofaritan'ny RIF:
- Fampidirana ny laharam-pahamehana natolotry ny RIF ao anaty ny teti-bola sy fampiasam-bola kaominaly.
- Tantsoroka amin'ny famolavolàna sy fitantanana teti-bola fandaharan'asa (budget programme), tetibola fototra sy tetibola fanampiny, ny fenitra amin'ny fitantanam-bola sy fomba fiasa mangarahara.
- Tantsoroka amin'ny fampiasana ny teti-bola ho an'ny daholobe.
- Tantsoroka amin'ireo loabary an-dasy manodidina ny fitantanana ny raharaham-panjakana eo anivon'ny kaominina.

Fanohanana ny fanetsehana ny loharanom-bola sy ny fiaraha-miombon'antoka mba hisian'ny tamberin'andraikitra eo amin'ny fanatanterahana asa:
- Tantsoroka ho amin'ny paik'ady fanetsehana ny hetra sy ny loharanom-bola ivelan'ny hetra.
- Fanamoràna ny fifandraisan'ny kaominina amin'ny servisy teknika eo anivon'ny distrika sy faritra mba hisian'ny fizaràna vaovao mikasika ny tohana omen'ny fitondràna foibe ny kaominina sy ny sampan-draharaha na servisy ao aminy.
- Tsantsoroka amin'ny fanetsehana ny fiaraha-miombon'antoka misy sy azo trandrahana.

Fiaraha-mandinika sy famolavolàna ny paik'ady eo anivon'ny distrika hanamorana ny ezaka fampandrosoana ataon'ny kaominina (fizaràna vaovao, fandrindràna ny servisy teknika isan-tsokajiny, sns).

Partenaires du projet :

HELVETAS MADAGASCAR

Projet financé par :

LA BANQUE MONDIALE
BIRD • IDA | GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE

GPSA
GLOBAL PARTNERSHIP FOR SOCIAL ACCOUNTABILITY



Ny mpiara-miasa eo amin'ny sehatra ifotony

- Ny olom-pirenena sy ny fiaraha-monim-pirenena.
- Ny olom-boafidy sy ny olom-boatendry eny anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana (Kaominina, faritra).
- Ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na SLC.
- Ny vondrona na Fikambanana Kaominina.
- Ny sampan-draharaha teknika hanapariaham-pahefana.

Ny mpiara-miasa eo amin'ny sehatra Nasionaly

- Ny Tambazotran'ny firaisa-monim-pirenena misahana ny fanabeazana fototra, ny fahasalamana ary ny fananan-tany.
- Ny ministera sy ireo sampan-draharaha miaraka aminy.

Ny ONG SAHA

Ny SAHA na Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy dia Fikambanana Tsy Miankina amin'ny Fanjakana na ONG, niforona tamin'ny taona 2011 ary misy mpikambana maherin'ny roapolo olona. Ny Vina napetraky ny ONG SAHA dia Fanatsaràna ny fepetra ivelaran'ny olom-pirenena tsirairay amin'ny alalan'ny harinkarena sy ny fametrahana fifampitondràna mahomby mampihatra ny tamberin'andraikitra.

034 75 918 29
cimsi.gpsa@gmail.com
Projet CIMSI - ONG SAHA

Ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha manamafy ny Tamberin'Andraikitra

Inona no atao hoe Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na RIF?

• Sehatra fifanakalozan-kevitra sy fifampidinihana.
• Fitaovana manampy amin'ny famaritana laharam-pahamehana, manjohy ary manombana asa fampandrosoana.
Ny RIF dia voafehin'ny Didim-panjakàna laharana faha 2015 – 957, ny Didim-pitondràna no mametraka azy eo amin'ny kaominina.

Inona ny andraikitry ny RIF?

• Manatsara sy manamafy ny serasera eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka.
• Manana andraikitra fakan-kevitra izy fa tsy mpanapakevitra.
• Manome soso-kevitra sy tolo-kevitra ho enti-mamatsy ny fandraisana fanapahan-kevitra (momba ny drafitr'asa sy tetibola).
• Mivoy ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena sy ny ankolafin-kery samihafa amin'ny asa fampandrosoana ankapobeny.
• Manolotra vahaolana eo anoloan'ireo sakana ho amin'ny fampandrosoana.
• Mandrindra ny asan'ireo mpisehatra samihafa ho amin'ny fanantanterahana ny politikam-pampandrosoan'ny kaominina.

Iza no afaka manolotra soso-kevitra ho dinihan'ny RIF?

• Ny Olom-pirenena, Fikambanana tsy misy anka-navaka, ka manao izany an-tsoratra ary apetrany eny amin'ny biraon'ny kaominina.
• Ny VONDRONA na KOLEJY mandrafitra ny RIF amin'ny alalan'ny fivoriana fanomanana ataony.


Rahoviana ny RIF no mivory?

• Amin'ny ankapobeny dia mivory in-droa (2) isan-taona ny RIF ho fandraisany anjara amin'ny famolavolàna ny tetibola sy lamin'asa kaominaly.
• Ny fotoana fivorian'ny RIF dia tsara raha mifanojo amin'ny fandinihana ireto fitaovana ireto : Kaontim-pitantanana ny taona teo aloha, ny tetibola voalohany sy ny tetibolam-pandaharan'asa, ny tetibola fanampiny. Afaka mandinika loha-hevitra hafa ankoatran'ireo ny RIF arakaraky ny zava-misy.
• Ny Ben'ny Tanàna no mampiantso amin'ny fomba ofisialy ny fivorian'ny RIF, fa ny Mpikamba-na rehetra dia afaka manetsika ny fivorian'ny RIF.

Aiza no mety ahitana ny Tatitry ny fivorian'ny RIF?

• Tatitra mandritra ny fivoriam-pokonolona na fivorian'ny fokontany.
• Peta-drindrina ny fitanana an-tsoratra eo amin'ny biraon'ny kaominina sy eny amin'ny biraom-pokontany.
• Tatitra amin'ny Haino aman-jery toy ny Radio na Gazetin'ny kaominina.
• Kahie na rezisitra fitanana an-tsoratry ny RIF.

Ny Tamberin'Andraikitra takian'ny Olom-pirenena eny amin'ny Kaominina




Realize communication ©

Ireo tanjona amin'ny fametrahana ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha

• Fampihenana ny elanelana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka.
• Fanatsarana ny serasera eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka.
• Fanomezana soso-kevitra sy tolo-kevitra ho enti-mamatsy ny fandraisana fanapahan-kevitra.
• Fivoizana ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena mba hamaliana ny tena olana laharam-pahemehana.
• Fandrindrana ny asan'ireo mpisehatra samihafa ho amin'ny fanantanterahana ny politikam-pampandrosoan'ny kaominina.
• Fanamafisana ny fitompoan-draharaha mikasika ireo ny politika sy ny asa mifanaraka aminy.

Ny Kolejy Mandrafitra ny RIF



Solon-tena 3-5 isaky ny kolejy

Ny rafitra mampihodina ny RIF amin'ny ankapobeny



Ny Andraikitry ny "Noyau Dur" na Mpitondra tenin'ny Kolejy

• Hanentana ny Kolejy sy ny Mpisehatra ao amin'ny RIF amin'ny fandraisan' anjara.
• Handray sy handinika mialoha ireo laha dinika sy soso-kevitra mba hanatsarana ny fizotry ny fivoriam-ben'ny RIF.
• Manendry ny Mpanamora sy ny Mpandray an-tsoratra. Marihana fa tsy tokony ho Ben'ny Tanàna no tondroina ho mpanamora.
• Hanaparitaka ny vaovao (peta-drindrina, tatitra miverina any amin'ny Kolejy niaviany), hivohy ny fifanakalozana traikefa sy fiaraha-midinika.